Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Vavaka Fiambenana Talata 22 Desambra 2020

Thème : Paix et bienveillance parmi les hommes
Texte : Lioka 2.1-14

Fiharabana Apostolika

FFPM64/1,3
1. Injany hiran-danitra
Misasak'alina;
Lokanga volamena e,
Tendren'ny masina!
Ny tany dia nangina re,
Nandre ny hira vao;
Ho an'ny olona anie
Ny fiadanana.

3. O! ry mivesatra entana,
Ry malahelo ô!
Mba andrandrao ny lanitra,
Henoy ny hira vao!
Ny hiran'ny anjely re
Dia mampiadam-po.
O! mitsahara hianao
Hihaino azy izao!

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM79
Sambasamba Zanahary
::,:Tamin'ny nampidinanao
Ny Zanakao malalanao
Mba hisolo ny helokay :,::

Fampidirana

FFPM70/1
1. Iza moa io Zazakely
:,: Ao Betlehema :,:
Ankalazain'ny anjely
Misasaka alim-be?
Injao! Mihira avokoa
Ny mponina ao an-danitra,
Ka iza re io Zaza soa?
Moa Zanak' Andriamanitra?

Fiv : Io no Mpanjaka voatendry,
Sady mahery no hendry,
:,: Zanak'Andriamanitsika,
Koa hobio sy ifalio. :,:

Vakiteny 1 : Lioka 2.1-5

Fanazavana fohy

FFPM70/2
2. Izy no Jeso Mpanjaka,
:,: Ka mihobia! :,:
Izy mamory sy maka,
Avia, mihobia.
Omeo voninahitra,
Ka mitehafa tanana;
Hobio ry tendrombohitra
Sy lohasaha mavana!
Io no Mpanjaka voatendry sns…

Vavaka isan-tokantrano

- Mivavaka mba hahay hiantoraka tanteraka amin'ilay andrian'ny fiadanana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Lioka 2.6-7

Fanazavana fohy

FFPM70/3
3. Izy no Tompo nahary,
:,: Ka maneke :,:
Zanaky ny Zanahary,
Ka dia maneke.
Ry hazo ao an'ala ô!

Samia re manandra-peo;
Ry voninkazo tsara ô!
Atero fofo-manitra :
Io no Mpanjaka voatendry sns…

Vavaka isan-takantrano

- Mivavaka mba handraisantsika amin'ny fo mendrika ny fahatongavan'ny Tompontsika.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Lioka 2.8-12

Fanazavana fohy

FFPM70/3

3. Izy no Tompo nahary,
:,: Ka maneke :,:
Zanaky ny Zanahary,
Ka dia maneke.
Ry hazo ao an'ala ô!
Samia re manandra-peo;
Ry voninkazo tsara ô!
Atero fofo-manitra :
Io no Mpanjaka voatendry sns…

Vavaka isan-tokantrano

- Fankasitrahana ny amin'ny vaovao mahafaly nahaterahan'ny Mpamonjy.
- Mivavaka ho an'ireo tsy mba manam-pifaliana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Lioka 2.13-14

Fanazavana fohy

FFPM70/4

4. Efitra sy tany foana!
:,: O! mihirà; :,:
Lemaka ary havoana!
Falia, mihirà;
Ry ranomasin-dehibe,
Ry voron-kely tsara feo!
Izao rehetra marobe!

Avia mankalaza re;
Io no Mpanjaka voatendry sns…

Vavaka isan-tokantrano

- Mivavaka mba ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra ireo tsy manan-kialofana, marary, mandalo ady sarotra, diso fanantenana sy ny mandalo sedra mahamay rehetra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM63/1

1. Tany finaritra,
Tarafin-danitra,
Mirana ny mpivahiny ao
Injao fihobiana
Am-pandehanana
Mankany ny Paradisa izao.

Fehiny :
Lioka 2.11 ; Isaia 9.5
"Fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan' i Davida, dia Kristy Tompo.
Fa Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no omena antsika; Ary ny fanapahana dia eo an-tsorony, ary ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Rain' ny mandrakizay Andrian' ny fiadanana.»

FFPM71/2

2. Mifalia! Mifalia!
Ry zanak'olombelona,
Fa tonga Ilay Mpanavotra
Antsika izay nifatotra,
Mifalia izao!

Tsodrano

Ary ho an' izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao amin' ny fiangonana sy ao amin' i Kristy Jesosy hatramin' ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena.